


# SOMBINY AMIN'NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY RANO



© Nantenaina R.

**Henintsoa Andrianjaka RAKOTONDRATAFIKA**

**- Jolay 2021 -**

**© Ran'Eau, 2021**
Lot IIIQ 60 Bis Andoharano Tsimbazaza, Lalana Fernand Kasanga, Antananarivo 101, Madagasikara.

Laharana finday : +261 34 13 550 87
+261 33 80 633 25
+261 32 69 144 70
Adiresy mailaka : raneau@raneau.org
Facebook : ONG Ran'Eau
Tranokala : www.raneau.org

Ireo nandray anjara :
Sary : Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana
Famolavolana : Laeticia RAZAFINIARY, Tsiry Deraina RAKOTOARISOA - Ran'Eau

# Fizahan-takelaka

Fizahan-takelaka 3
Fanafohezan-teny 4
Lisitry ny sary 5
Sasin-teny 6

Fizarana voalohany : Ny amin'ny maha fananam-pirenena ny rano ... 8

Fizarana faharoa : Ny amin'ny fitantanana ny tahirin-drano ... 9
1. Fiarovana fatra : ny fitsipiky ny fanomezan-dàlana mialoha ... 10
2. Fiarovana kalitao: ny fitsipika mpandoto-mpandoa ... 10

Fizarana fahatelo : Ireo fitsipika fototra mifehy ny tolotr'asam-panjakana momba ny famatsian-drano sy ny fanadiovana ... 11
1. Ny famatsiana rano fisotro dia tolotra manerantany ... 12
2. Ny fifehezana ny foto-drafitr'asam-bahoaka mahakasika ny famatsian-drano fisotro sy fanadiovana ... 14

Fizarana fahefatra : Ny amin'ny famatsiam-bola ny sehatry ny rano sy ny fanadiovana ... 17

Fizarana fahadimy : Ny amin'ny fanaraha-maso sy ny fikajiana ny rano ... 21
1. Ny fanaraha-maso ny hatsaran'ny rano ... 22
2. Ny fikajiana ny rano ... 22
3. Ny fifanolanana sy ady eo amin'ny fanjifana ... 22

Fizarana fahenina : Ny andraikitra sy ny anjara asan'ireo mpisehatra amin'ny famindram-pitantanana ny tolotr'asam-panjakana momba ny rano sy ny fanadiovana ... 23
1. Fepetra ahafahana mifehy ny foto-drafitr'asa ... 24
2. Andraikitry ny kaominina ... 24
3. Andraikitry ny Ministeran'ny Rano, ny Fahadiovana sy ny Fidiovana ... 24
4. Andraikitry ny mpitantana ... 25

# *Fanafohezan-teny*

**AEP** : Adduction en Eau Potable
**ANDEA** : Autorité Nationale de l'Eau et de l'Assainissement
**BF** : Borne Fontaine
**EAH** : Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène
**EPA** : Etablissement Public Administratif
**DIANA** : DIego, Ambilobe, Nosy-be , Ambanja
**FNRE** : Fond National pour les Ressources en Eau
**GIRE** : Gestion Integrée des Ressources en Eau
**JIRAMA :** JIro sy RAno MAlagasy
**MEAH** : Ministère de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène
**MEF :** Ministère de l'Economie et des Finances
**ONG** : Organisation Non-Gouvernementale
**OPCI** : Organisme Public de Coopération Intercommunal
**PCDEAH** : Plan Communal de Développement en Eau, Assainissement et Hygiène
**PTF :** Partenaires Techniques et Financiers
**SA** : Société Anonyme
**SOREA** : Organisme Régulateur du Service Public de l'Eau et de l'Assainissement
**SPEA** : Service Public de l'Eau et de l'Assainissement
**STEAH** : Service Technique de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène

# *Lisitry ny sary*

Sary 1 : Farihin'Anivorano, Kaominina Tolagnaro, Faritra Anosy ........ 7
Sary 2 : Mpisitraka rano fisotro ao amin'ny tanàn'Ambalavao, Faritra Matsiatra Ambony ........ 8
Sary 3 : Ambaratongan-drano ........ 8
Sary 4 : Toeram-pamokarana rano, Ampotaka, Faritra Androy ........ 9

Sary 5 : Fitrandrahana , Kaominina Itaosy, Distrika Atsimondrano, Faritra Analamanga ........ 10
Sary 6 : Fametrahana fotodrafitrasa fitaritan-drano, Kaonminina Mahambo, Distrikan'ny Fenerive Est, Faritra Analanjirofo ......10
Sary 7 : Mpanasa lamba eo amoron'ny Mandroseza, Kaominina Renivohitr'Antananarivo, Faritra Analamanga ........ 10
Sary 8 : Lakandrano fanariana rano maloto ao amin'ny Kaominina Ampefy, Distrika Miarinarivo, Faritra Itasy ........ 10
Sary 9 : Fitrandrahana am-perinasa, Kaomina ambanivohitra Itaosy, Distrikan Atsimondrano, Faritra Analamanga ........ 11
Sary 10 : Sampana fanodinan-drano andalam-panamboarana, Distrikan'ny Manjakandriana, Faritra Analamanga ........ 12
Sary 11 : Paompin-drano ao amin'ny Fokontany Ambatomaro, Kaominina Ambonivohitr'Antananarivo, Faritra Analamanga ...... 12
Sary 12 : Tobim-pamatsian-drano, Kaominina Ambonivohitr'Ihosy, Distrika Ihosy, Faritra Ihorombe ........ 12
Sary 13 : Tobim-panadiovan-drano ao amin'ny Kaominina Niarovana Carolina, Distrika Vatomandry, Faritra Atsinanana ........ 12
Sary 14 : Singa fanadiovan-drano sy siniben-drano, Kaominina Ambanivohitr'i Mahambo, Distrika Fénérive-Est, Faritra Analanjirofo ........ 13
Sary 15 : Paompin-drano iraisana, Kaominina Ambonivohitr'Ihosy, Distrika Ihosy, Faritra Ihorombe ........ 13
Sary 16 : Fitahirizan-drano, Kaominina Ranomafana-Est, Distrikan'i Brickaville, Faritra Atsinanana ........ 13
Sary 17 : Fitahirizan-drano, ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Mahambo, Distrika Fénérive Est, Faritra Analanjirofo ......... 13
Sary 18 : Fitahirizan-drano ao amin'ny Kaominia Ilaka Est, Distrika Vatomandry, Faritra Atsinanana ........ 14
Sary 19 : Fivoarian'ireo mpisitraka rano, Kaominina Antsakoabe, Distrikan'Ambanja, Faritra DIANA ........ 14
Sary 20 : Fitahirizan-drano, Kaominina Ranomafana-Est, Distrika Brickaville, Faritra Atsinanana ........ 14
Sary 21 : Laharana fiandrasana rano eo akaikin'ny fitoeran-drano, Ambovombe Androy, Faritra Androy ........ 15
Sary 22 : Fananganana fotodrafitrasa famatsiana rano fisotro madio , Kaominina Soanindrariny, Distrika Antsirabe II, Faritra Vakinankaratra ........ 17
Sary 23 : Famatsiana rano fisotro madio, Kaominin'i Benenitra, Faritra Atsimo Andrefana ........ 18
Sary 24 : Paompin-drano amin'ny endriny "Kiosque à jeton", Kaominina ambanivohatra Lavanono, Distrikan'ny Tsihombe, Faritra Atsimo Andrefana ........ 18
Sary 25 : Fandrefesan'ny siantifika ny kalitaon'ny rano ........19
Sary 26 : Fitiliana kalitaon-drano, Manakara, Faritra Fitovinany ........ 20
Sary 27 : Fivoriana famahàna olana amin'ny fitantanana ny fotodrafitrasa AEP ,Kaominina Ambonivohitra Fandriana, Distrika Fandriana, Faritra Amoron'i Mania ........ 20
Sary 28 : Asa fandavahana rano fisotro madio, Kaomina Benenitra, Faritra Atsimo Andrefana ........ 21
Sary 29 : Birao kaomina, Kaomina ambanivohitra Ambongo, Distrikan'i Vangaindrano, Faritra Atsimo-Antsinanana ........ 22
Sary 30 : Sary famantarana ny MEAH ........ 22
Sary 31 : Fanamboarana foto-drafitr'asa amin'ny AEP, Kaominina ambanivohatra Ankaramalaza, Faritra Vatovavy Fitovinany .... 23
Sary 32 : "Kiosque d'eau", Kaominina ambanivohatra Anivorano Avaratra, District Antsiranana II, Faritra DIAN ........ 23
Sary 33 : Fanarenana ny tobin-drano fitiliana ny rano JIRAMA, Antsiranana, Faritra DIANA ........ 23

# *Sasin-teny*

Araky ny fomba fandrafetana sy fanoratana ny andinin-dalàna, dia misy dikany sy manan-danja avokoa ny fizarana rehetra hita anatin'ny lalàna iray. Noho izany dia tsy tokony atao ny famintinana ny lalàna satria: na ny firafitry ny fehezanteny, na ny voambolana ampiasaina ao dia efa voasafidy tsara avokoa mba ahafahan'ny mpanao lalàna mampita ny hevitra tiany avoitra.

Ny lalàna rehetra dia manana fanahy, ary ny lalàna rehetra dia mila fanahy avokoa.
Raha ny marina, ny lalàna dia fitaovana ampiasain'ireo nianatra manokana momba izany. Izany hoe, mila fiofana manokana ny fomba famaky ny lalàna iray. Kanefa, misy ny fomba fiteny hoe "Tsy misy olona tsy tokony hahalala ny lalàna". Izany indrindra no nahatonga ny tetik'asa « Madiosoa », tanterahin'ny ONG Ran'Eau, hametraka fanamby ny amin'ny famolavolana fitaovana antsoina hoe « Famintinana ho tsotra sy misy sary ny fehezan-dalàna momba ny Rano » izay fitaovana natokana ho an'ireo olon-tsotra mba ahafahan'izy ireo mahalala amin'ny ankapobeny ny fehezan-dalàna momba ny Rano sy mahafantatra ihany koa ny anjara andraikitr'izy ireo ao anatin'izany.

Ity tahirin-kevitra ity izany dia natao hampivohitra, amin'ny endriny tsotra sy vita sary ireo hevi-dehibe voarakitra anatin'ny fehezan-dalàna momba ny Rano, mba ho mora vakiana sy ho mora takarina hoan'ireo izay tsy nianatra manokana momba ny sampana lalàna.

Noho izany dia tsara hatsidika ety ampiandohana ireo fitsipika nandrafetana ny lalàna laharana faha 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999 mitondra ny fehezan-dalàna momba ny Rano, araky ny hita ao amin'ny fanambarana ny antony :

1. Fanamafisana ireo fepetra hiarovana ny rano indrindra fa ny famatsiana rano fisotro madio;
2. Ny fanalalahana ny sehatry ny rano;
3. Ny fitsipika milaza fa tsy maintsy handoavam-bola ny rano;
4. Ny tsy maintsy hamindrana ny fitantanana ireo fotodrafitrasa ho an'ireo vondrom-paritra tsirairay avy ;
5. Ny fanomezana andraikitra ireo vondrom-bahoaka ifotony na ny eny ambanivohitra na ny andrenivohitra;
6. Ny fandrindrana ny tolotra famatsian-drano sy fanadiovana;
7. Ny fanamafisana ny ady atao amin'ny fandotoana ny rano;
8. Ny fanandrifian-dàlana ny fiarovana sy ny fanomezan-danja ny tahirin-drano amin'ireo fenitra ara-tontolo iainana ;
9. Ny fitsipika mpandoto-mpandoa.

# Fizarana voalohany :
# Ny maha fananam-pirenena ny rano




*Sary 1 : Farihin'Anivorano, Kaominina Taolagnaro, Faritra Anosy*

• **Andininy 1** : Ny rano dia anisan'ny fananam-pirenena iombonana. Ny vondrom-paritra tsirairay dia mpiantoka izany ao amin'ny fari-pahefany avy.

Ny vondrom-paritra dia ahitana sehatra roa miavaka :
- Ny sehatra ho an'ny daholobe, ireo fotodrafitrasa natokana hampiasain'ny rehetra, ampahibemaso (lalana, tetezana, rano, sns.) ;
- Ny sehatra tsy miankina, ireo fananam-panjakana nametrahana lalàna ary azo sitrahin'ny sehatra tsy miankina. (tany, ala, fanaka, trano, sns.).
Ny rano dia fananana iombonana, ny vondrom-paritra no tompony. Ny vondrom-paritra tsirairay no mitandro ny maha fananam-pirenena iombonana ny rano.



*Sary 2 : Mpisitraka rano fisotro ao amin'ny tanàn'Ambalavao, Faritra Matsiatra Ambony*

• **Andininy 2** : Ny rano dia fananam-pirenena tafiditra ao anaty menabem-panjakana tsy azo hamidy. Izy dia tsy azo raisina ho fananan'olon-tsotra ihany koa.


Ny atao hoe menabem-panjakana dia ireo ampahan-javatra eo ampelatanan'ny Fanjakana izay tsy azo ihodivirana ary tsy azo atao na inona na inona. Noho izany dia tsy azo afindra na amidy amin'ny alalan'ny famarotana (Jereo ny lalàna faha 2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 momba ny fananam-panjakana).

***Sehatra fampiharana :***

• **Andininy 3** : Ity fehezan-dalàna ity dia mihatra amin'ny rano rehetra ao anaty menabem-panjakana tsy azo amidy, ny rano ambonin'ny tany sy ny rano ankibon'ny tany.

***Ny rano ambanin'ny tany** dia afaka mamatsy ny daholobe. Maro ny tanàna miankina tanteraka amin'ny rano ambanin'ny tany. Amin'ny ankapobeny, io irery no famatsian-drano azo tovozina any amin'ny faritra atsimo atsinanana sy ny faritra maina hafa[1].*

• **Andininy 6** : Ny rano ambonin'ny tany dia fitambaran'ny ranonorana sy rano mikoriana eo ivohon'ny tany, dobon-drano na lakan-drano, renirano sy vavarano lehibe, lakandrano fifamoivoizana sy lakandrano notarihina, lakandrano sasantsasany natao tambazotra, farihy masira mifandray amin'ny ranomasina, matsabory, farihy sy ny karazany, honahona, toerana mando. Ny rano ambonin'ny tany dia tafiditra ao anaty menabem-panjakana tsy azo amidy .




*Sary 3 : Ambaratongan-drano*

1 Hydrogéologie de Madagascar http://earthwise.bgs.ac.uk/index.php/Hydrog%C3%A9ologie_de_Madagascar#:~:text=Les%20eaux%20souterraines%20sont%20une,dans%20d%27autres%20r%C3%A9gions%20s%C3%A8ches.

# *Fizarana faharoa* : *Ny amin'ny fitantanana ny tahirin-drano*




*Sary 4 : Toeram-pamokarana rano, Ampotaka, Faritra Androy*

## 1. Ny fiarovana ny fatra : ny fitsipiky ny fahazoan-dàlana mialoha

• **Andininy 10 - 11** : Tsy misy asa azo tanterahina amin'ny rano tafiditra anaty fananam-panjakana (rano ambonin'ny tany sy rano ambanin'ny tany) raha tsy misy fahazon-dàlana. Na izany aza anefa, dia tsy ilàna fahazoan-dàlana, ny fakana rano ambonin'ny tany tsy mihoatry ny fatra voafetran'ny lalàna ho ampiasain'ny olona manokana.

Ny asa fitrandrahana rano dia mila fahazoan-dalana omen'ny ANDEA, na ho an'ny andrim-panjakana na ho an'ny orinasa tsy miankina.



***Sary 5*** ***: Fitrandrahana, Kaominina Itaosy, Distrikan'Atsimondrano, Faritra Analamanga***

Tsy misy asa azo tanterahina raha tsy misy io fanomezan-dàlana io.

## 2. Ny fiarovana ny hatsarana : ny fitsipika mandoto-mandoa

• **Andininy 12** : Ny olona rehetra na orinasa miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, manana anton'asa miteraka fahalotoana na ahiana hitera-doza hoan'ny tahirin-drano sy ny fahadiovan'ny toerana, dia tsy maintsy maminavina fepetra manokana ho entina hanafoanana na hisorohana ny loza tsapa na heverina ho toy ny misy .

Ny olona rehetra manao hetsika mety hahatonga ny fahalotoan'ny loharanon-drano dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra hamongorana io fandotoana io.



***Sary 6*** ***: Fametrahana fotodrafitrasa fitaritan-drano, Kaominina Mahambo, Distrikan'ny Fenerive Est, Faritra Analanjirofo***

• **Andininy 13** : Ho fampiharana ity fehezan-dalana ity, ny "fandotoana" dia midika ho famarinana, fampikorianana, fanipazana, fametrahana mivantana na ankolaka zavatra isan-karazany, ary amin'ny ankapobeny zavatra mety hiteraka na hampitombo ny fahasimban'ny rano ambonin'ny tany na rano ankibon'ny tany, amin'ny fanovàna ny toetoetra ara-pizika, biolojika na bakteriolojika sy taratra voajanahary.



***Sary 7*** ***: Mpanasa lamba eo amoron'ny Mandroseza, Kaominina Renivohitr'Antananarivo, Faritra Analamanga***

Misy karazany roa ny fandotoana rano[2] :

- Fandotoana voajanahary (bakteria, viriosy, fa-kon-javamaniry) ;
- Fandotoana vokatry ny akora simika ampiasain' olombelona.

• **Andininy 16** : Ny fanafoanana ny faika avy any an-tokantrano dia andraikitry ny kaominina izay afaka hamatsy vola manontolo na ampahany ny te-ti-bidin'ny asa araka ny didy manan-kery. (Jereo ny lalàna 2014-018 and 13).

Ny fandrindrana ny fanalàna ny fako avy any an-tokatrano dia andraikitry ny kaominina. Zakainy manontolo ny vidin'izany andraikitra izany na zarainy amin'ny mpiara miombon'antoka aminy.



***Sary 8*** ***: Lakandrano natao hanariana rano maloto, Kaominina Ampefy, Distrika Miarinarivo, Faritra Itasy***

2 Définition de la pollution de l'eau du dictionnaire environnement et développement durable https://www.dictionnaire-environnement.com/pollution_de_eau_ID1033.html

# <u>Fizarana fahatelo</u> :
# Ireo fitsipika fototra mifehy ny tolo-tr'asam-panjakana momba ny famatsian-drano sy ny fanadiovana




*<u>Sary 9</u> : Fitrandrahana am-perinasa, Kaomina ambanivohitra Itaosy, Distrikan Atsimondrano, Faritra Analamanga*

## 1. Ny famatsiana rano fisotro dia raharaha maneran-tany

Ny famatsian-drano ho an'ny daholobe dia ny tsy maintsy hanomezana ho an'ny mpampiasa rano rehetra ny fatra farafahakeliny ilaina sy ny raharaha famatsian-drano madio azo sotroina ary amin'ny vidiny mirary.

• **Andininy 37** : Ny raharaha famatsian-drano fisotro sy ny fanadiovana ireo rano maloto nampiasaina avy any an-tokantrano, antsoina amin'ny hevitr'ity toko ity, "raharaha famatsian-drano sy ny fanadiovana", dia raharaha famatsian-drano sy fanadiovana ny rano nampiasaina avy any an-tokantrano, ho an'ny vahoaka, izany hoe ho an'ny mpampiasa rehetra, olon-tsotra na orinasam-panjakana na orinasa tsy miankina, manana andraikitra hanao asam-bahoaka voafaritra ao anaty antontan-taratasy fifanarahana.




***Sary 10*** ***: Sampana fanodinan-drano andalam-panamboarana Distrikan'ny Manjakandriana, Faritra Analamanga***

Ny tolotr'asam-panjakana dia asa natao ho an'ny tombontsoa iombonana izay raisin'ny fanjakana an-tànana na eo ambany fifehezany mba hanatanterahana ny filàn'ny mponina.
Noho izany, ny asa famatsian-drano fisotro madio sy ny fametrahana fotodrafitrasa fanadiovana dia antsoina hoe "Tolotrasam-panjakana ho an'ny Rano sy Fanadiovana", izay voalaza amin'ny teny vahiny hoe "Service Public de l'Eau et de l'Assainissement"(SPEA).

***a) Ny famatsiana rano fisotro madio dia mifototra amin'ny fatra farafahakelin'ny habetsahan-drano sy ny tolotr'asa farafahakeliny*** **:**

- Ny fatra farafahakeliny azo ekena dia 30 litatra isan'andro isan'olona ;
- Tsinjaraina isam-batan'olona, na eny amin'ny toerana fitsinjarana rano fisotro madio ho an'ny besinimaro, ary tsy mihoatra ny 500 m ny halavirany farafahabetsany miohatra amin'ny toeram-ponenana ;
- Amidin'ny mpitantana ny fotodrafitr'asa momba ny rano amin'ny vidiny mitovy ho an'ny ny mpampiasa rano rehetra.



***Sary 11*** ***: Paompin-drano ao amin'ny Fokontany Ambatomaro, Kaominina Ambonivohitr' Antananarivo, Faritra Analamanga***

***b) Ny fanajana ny fenitry ny kalitaon'ny rano***

Ny atao hoe famatsian-drano fisotro sy ny fanadiovana tambabe natao ho an'ny tokantrano dia ny fitambaran'ny petra-pitaovana sy foto-drafitrasa entina hamatsiana rano fisotro sy fanadiovana ho an'ny tokantrano ao anaty velaram-paritra iray, anisan'izany ny petra-pitaovana fisintonan-drano, fakana sy fikarakarana ny famokarana ny rano, foto-drafitr'asa fizarana sy fampidirana rano fisotro madio; foto-drafitr'asa fitaterana toy ny fantson-drano maloto sy foto-drafitr'asa fikarakarana sy fandiovana rano ho an'ny fanadiovana.



***Sary 12*** ***: Tobim-pamatsian-drano, Kaominina Ambonivohitr'Ihosy, Distrika Ihosy, Faritra Ihorombe***



***Sary 13*** ***: Tobim-panadiovan-drano ao amin'ny Kaominina Niarovana Carolina, Distrika Vatomandry, Faritra Atsinanana***



***Sary 14*** ***: Singa fanadiovan-drano sy siniben-drano, Kaominina Ambanivohitr'i Mahambo, Distrika Fénérive-Est, Faritra Alnalanjirofo***



***Sary 15*** ***: Paompin-drano iraisana, Kaominina Ambonivohitr'Ihosy, Distrika Ihosy, Faritra Ihorombe***

Ny raharaha famatsian-drano dia mamatsy rano amin'ny alalan'ny karazam-petra-pitaovana maro samihafa : tambazotram-pitaterana rano, sns. Izy ihany koa dia miantoka ny fanadiovana tambabe amin'ny alalan'ireo karazam-petra-pitaovana sy fotodrafitrasa samihafa.

• **Andininy 38** : Ny rano rehetra zaraina ho jifain'ny olona dia tsy maintsy azo sotroina.

Ny rano natao omena ny daholo be dia tokony tsy hampidi-doza ho an'izay misotro azy.

• **Andininy 39** : Ny famatsiana rano fisotro ny daholobe sy ny fidirany amin'ny fanadiovana tambabe ny rano nampiasaina avy any an-tokantrano dia tolotrasam-panjakana eo ambany ny fiahin'ny kaominina.

Ny famatsiana rano fisotro madio sy ny fisitrahana fotodrafitrasa fanadiovana dia andraikitry ny kaominina, izany hoe tanterahin'ny Kaominina, na eo ambany fahefan'izy ireo.

• **Andininy 40** : Ny petra-pitaovana famatsian-drano fisotro sy fanadiovana tambabe ny rano nampiasaina avy any an-tokantrano dia anisan'ny fananana iombonan'ny daholobe ao amin'ny kaominina.



***Sary 16*** ***: Fitahirizan-drano, Kaominina Ranomafana-Est, Distrikan'i Brickaville, Faritra Atsinanana***



***Sary 17*** ***: Fitahirizan-drano, Kaominina Ambanivohitra Mahambo, Distrika Fénérive Est, Faritra Analanjirofo***

Ny fotodrafitrasa momba ny famatsiana rano sy fanadiovana dia tafiditra ao anaty sokajim-pananan'ny Kaominina.

## *2. Ny fitompoana ny taozavatra famatsian-drano fisotro sy fanadiovana*

• **Andininy 41** : Ny tompon'ny taozavatra dia ny manam-pahefam-panjakana tompon'andraikitra manoloana ny mpampiasa ny sampan-draharahara momba ny famatsian-drano sy ny fanadiovana ho an'ny daholobe eo amin'ny velaram-paritra anankiray.

Ny tompon'ny taozavatra dia tompon'andraikitra eo amin'ny toerana iray manoloana ny mpampiasa ny fotodrafitrasa momba ny rano sy fanadiovana, ireo mpisitraka dia afaka manantona azy raha misy ilaina.
Ny kaominina ambanivohitra sy ambonivohitra dia tompon'ny taozavatry ny famatsian-drano fisotro sy fanadiovana tambabe ny rano nampiasaina avy any an-tokantrano, ao amin'ny faritra iadidiany avy.

Amin'ny alalan'ny Filan-kevitry ny Tanàna no hanatanterahany ireo andraikitra ireo.
Ny kaominina no tompon'ny taozavatra momba ny rano sy fanadiovana. Ny andraikitra maha tompon'ny taozavatra dia raisin'ny filan-kevitra monisipaly sy Kaomininaly, fa tsy ny Ben'ny tanàna velively. Ny Ben'ny tanàna dia manatanteraka ny fanapahan'ny filan-kevitra.
Na dia izany aza anefa, raha mbola tsy mahafeno ny fepetra fahaiza-manao voafaritry ny didim-panjakana hanaovana manontolo na ny ampahany ny andraikitry ny tompon'ny taozavatra izy, dia mbola ho sahanin'ny Minisitra misahana ny Rano fisotro madio ireo andraikitra ireo mandra-pahatongan'ny fotoana hahavoasoratra azy.



***Sary 18*** ***: Fitahirizan-drano ao amin'ny Kaominia Ilaka Est, Distrika Vatomandry, Faritra Atsinanana***

• **Andininy 43** : Rehefa misandrahaka eo amin'ny tanin'ny kaominina maromaro ny fomba famatsian-drano fisotro, na koa hita fa ilaina ny fanitarana ny haben'ny farim-pitrandrahana toeram-pamatsian-drano, noho ny antony ara-teknika, ara-toekarena na hatsaran'ny asa ho an'ny daholobe, ny kaominina dia afaka mikambana mba hampiray ny fitompoana ny taozavatra samy ho tompon'ny taozavatra. Rehefa tsy misy finiavana avy amin'ny kaominina, ny Antokon-draharaha Mpandrindra dia afaka manolo-kevitra fanakambanana ny fitompoana ny taozavatra; miainga avy amin'ny tatitra manamari-pototra ny hetsika, tao aorian'ny fakana ny hevitry ny kaominina na ny vondron'olona rehetra voakasik'izany.



***Sary 19*** ***: Fivoarian'ireo mpisitraka rano, Kaominina Antsakoabe, Distrikan'Ambanja, Faritra DIANA***

Raha toa ka mandalo kaominina maromaro ny famatsian-drano iray na koa hoe misy fenitra ara-teknika na ara-bola tokony hanitarana ny fotodrafitrasa amin'ny kaominina maromaro, dia azon'ireo kaominina ireo no manatanteraka miaraka izany andraikitra maha tompon'ny taozavatra izany amin'ny alalan'ny fiombonana kaominina, antsoina amin'ny teny vahiny hoe "Organisme Public de Coopération Intercommunal (OPCI). »



***Sary 20*** ***: Fitahirizan-drano, Kaominina Ranomafana-Est, Distrika Brickaville, Faritra Atsinanana***

***Fitsipika :*** Fitsipi-pitantanana ny fotodrafitrasa momba ny famatsian-drano fisotro sy fanadiovana tambabe.

• **Andininy 45** : Ny mpitantana ny petra-pitaovana famatsiana dia mpitrandraka, olon-tsotra na orinasa miankina na tsy miankina, malagasy na vahiny izay anankinan'ny tompon-taozavatra ny fanatanterahana sy/na fitantanana sy ny fikojakojana mivantana ny petra-pitaovana.
Raha orinasa tsy miankina no mpitantana ny petra-pitaovana famatsian-drano, ilay ity dia tsy maintsy mijoro ho orinasa mizaka zo malagasy araky ny fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna manankery.

Raha manapakevitra ny kaominina fa tsy hitantana mivantana ny famatsian-drano na ny fotodrafitrasa fanadiovana dia azony atao ny mamindra ny fitantanana amin'ny Mpitantana amin'ny alalan'ny taratasy fifanaraham-pitantanana.

• **Andininy 46** : Ny fitrandrahana ny petra-pitaovam-pamatsiana dia azo ankinina amin'ny mpitantana mpisolo-toerana amin'ny alalan'ny fifanaraham-pitantanana, na fandraharaham-pamokarana, na noho ny antony manokana tantanin'ny tompon'ny taozavatra mivantana. Ireo fifanarahana ireo dia angatahana fankatoavana mialoha avy amin'ny Antokon-draharaha Mpandrindra.

---

Misy karazany telo ny fifanarahana famindram-pintantanana momba ny rano sy ny fanadiovana ho an'ny olona tsy miankina, ireto avy izy ireo :

- **ny fifanarahana famelana hanao asa (le contrat de concession**) : fitantanana ankinina amin'ny sampana tsy miankina izay miantoka ny fampandehanana, ny fikojakojana, ny fananganana, fanavaozana ary koa ny famatsiam-bola. Natao manokana ho an'ny fitantanana fotodrafitrasa amin'ny tanàn-dehibe
*Exemple : fifanarahan'ny Fanjakana sy ny JIRAMA izay orinasa sokajy tsy mitonona anarana na koa "SA".*

- **ny fandraharaham-pamokarana, (le contrat d'affermage) :** fitantanana nankinina amin'ny sampana tsy miankina izay miantoka ny fampandehanana, ny fikojakojana ary ny fanavaozana ny fampiasam-bola; marihana ny mety hisian'ny tranga amin'ny fifanarahana afanasa izay andraisan'ny mpitantana ny ampahany amin'ny fampiasam-bola.

- **ny fifanaraham-pitantanana** (**le contrat de gérance ou en régie)** : tanterahin'ny mpiandraikitra ny fotodrafitrasa mivantana isan'izany ny fikolokoloana ny fotodrafitrasa.

Raha ny eto Madagasikara, paik'adim-panjakana ny fanalalahana ny serivisy, ny fifanarahana fitantanana (le contrat de gérance ou en régie) no be mpampiasa indrindra. Ny fananganana fotodrafitrasa momba ny rano amin'ny ankapobeny dia tanterahin'ny Fanjakana na fikambanana tsy miankina (Association, ONG, PTF, sns.) ary atolotra ho an'ny orinasa tsy miankina ny fitantanana.

# *Fizarana fahefatra* :
# *Ny amin'ny famatsiam-bola ny sehatry ny rano sy ny fanadiovana*



***Sary 21*** ***: Laharana fiandrasana rano eo akaikin'ny fitoeran-drano, Ambovombe Androy, Faritra Androy***

• **Andininy 54** : Ny politikam-bidy sy ny famerenana ny saram-pandraharahana momba ny asa famatsian-drano fisotro sy ny fanadiovana dia tsy maintsy manaja ny foto-kevitra manaraka ireto :
• Ny fampiasana ny rano vatsiana ho an'ny daholobe, na eo amin'ny fatsakana iraisana na eo amin'ny rano nampidirina ho an'olon-tokana, dia andoavam-bola.
• Momba ny famatsian-drano sy fanadiovana isam-batan'olona, ny vidy ampiharina dia tokony afahana manao fifandanjana ara-bolan'ny mpitantana ny famatsian-drano manao famerenana manontolo ny sarany.
• Ny tentin'ny famatsiam-bola sy ny fitrandrahana, andaniny sy ny fahafaha-mandoan'ny mpanjifa ankilany, dia tafiditra ao anaty ny foto-kevitra momba ny filazam-bidin'ny rano sy ny fametrahana ny haba ho an'ny fanadiovana.
• Ny vola voaangon'ny tompon'ny taozavatra sy ny mpitantana avy amin'ny asa famatsian-drano fisotro sy fanadiovana dia ho atokana amin'io raharaha io ihany.
• Ny fomba famaritam-bidy dia tsy maintsy ahitana fepetra ahafahan'ny mpanjifa isan-tokantrano kely fidiram-bola, mampiasa ny famatsian-drano fisotro.

***Ohatra* :**

***Fitsipika 1**, ny fampiasana ny rano vatsiana ho an'ny daholobe, na eo amin'ny fatsakana iraisana na eo amin'ny rano nampidirina ho an'olon-tokana, dia andoavam-bola.*

Raha ny marina, maimaimpoana ny rano, izay efa voamarika fa fananana iombonana ary tsy azo amidy, fa kosa ny vola aloa dia ny vidin'ilay fotodrafitrasa napetraka sy ny fikojakojana azy. Ny fandoavam-bola takiana dia takalon'ny vidin'ny tolotra satria ny famatsiana rano dia mandalo dingana maro izay iharan'ny fandaniana ara-bola alohan'ny ahatongavany eny amin'ny toby famatsiana rano, ao anatin'izany ny fanangonana rano avy amin'ny loharano, ny fantson-drano ho an'ny lalan-drano, ny fitahirizana anaty fitoeran-drano sy ny fizarana. Mba hitehirizana ny fitohizan'ny famatsian-drano fisotro, ny sandam-bola nangonina dia hampiasaina ihany koa amin'ny fikojakojana fotodrafitrasa. Zava-dehibe ny manamarika fa na eo aza ny tsy fahazoana misotro rano maimaimpoana dia tsy maintsy takatry ny vola ny vidiny.

***Fitsipika 2**, Momba ny famatsian-drano sy fanadiovana isam-batan'olona, ny sarany ampiharina dia tokony afahana manao fifandanjana ara-bolan'ny mpitantana ny famatsian-drano sy manao famerenana manontolo ny vola lany*

Ny vidin-drano dia tokony ahafahan'ny mpitantana manatanteraka ny andraikiny feno izay voarakitra ao anaty fifanarahana. Koa satria ny fanjakana miantso ny sehatra tsy miankina amin'ny fampiroborobona ny fisitrahana rano fisotro madio dia tokony izy ihany no mametraka antoka ara-bola ho an'ireo sehatra tsy miankina ireo.

***Fitsipika 3**, Ny saran'ny fampiasam-bola sy ny saram-pitantanana, amin'ny andaniny, sy ny fahafaha-mividin'ny mpanjifa, amin'ny ankilany, dia tafiditra ao anaty ny foto-kevitra hamaritana ny saran'ny rano sy ny fametrahana ny haba ho an'ny fanadiovana.*

Ny vidin-drano dia tokony mijery lafin-javatra telo:
- **Ny fahefa-mividin'ny mpanjifa** satria ny antoka voalohany ho an'ny mpitantana dia ny fanefan'ny mpanjifa feno ny vidi-drano ;
- **Ny saran'ny fampiasam-bola,** izany hoe ny vola lany tamin'ny fananganana ny fotodrafitrasa natao ;
- **Ny saram-pitantanana** izay ahitana ireo karazana fandaniana rehetra mifandraika amin'ny fitantanana mba hampandeha ny rano.



***Sary 22*** ***: Fananganana fotodrafitrasa famatsiana rano fisotro madio , Kaominina Soanindrariny, Distrika Antsirabe II, Faritra Vakinankaratra***

***Fitsipika 4,** Ny vola voaangon'ny tompon'ny taozavatra sy ny mpitantana avy amin'ny asa famatsian-drano fisotro sy fanadiovana dia ho atokana amin'io raharaha io ihany.*

Ireo haba sy hetra azo avy amin'ny fotodrafitrasa momba ny rano sy fanadiovana dia tokony ampiasaina amin'ny fampiroborobona ny fotodrafitrasa miompana amin'ny famatsian-drano sy fanadiovana ihany.

***Fitsipika 5**, Ny fomba famaritam-bidy dia tsy maintsy mijery ny fepetra ahafahan'ny mpanjifa kely fidiram-bola mampiasa ny famatsian-drano fisotro.*

Ny fomba fametrahana tahan'ny vidin-drano dia tsy maintsy mifandraika amin'ny fanomezana ny fatran'ny rano kely indrindra amin'ny vidiny mirary ary koa ny toe-java-misy eo amin'ireo mpampiasa tsy manana fahefa-mividy.

Ny vidin'ny rano eto Madagasikara dia tombanana ho 1,5 Ar isaky ny litatra, fa izany kosa dia miankina amin'ny fahasahiranana sy olana sedrain'ireo mpampiasa vola (ny halaviran'ny loharanon-drano, ny hafaingananam-pikoriana, ny sandan'ny fampiasam-bola, ny tsy fandriampahalemana sns.).

*<u>Ohatra</u> : any Ihosy dia 3,5 Ar isaky ny litatra farafahamorany ny vidin'ny rano.*

• **<u>Andininy 69</u>** : Mba ho fanampiana ny famatsim-bola amin'ny fikajiana, ny fanetsiketsehina sy ny fiarovana ny tahirin-drano, dia azo atao ny mamorona hofa amin'ny fakana ny tahirin-drano, ny fahasimban'ny hatsaran'ny loharano sy ny fiovan'ny fikorianan'ny rano.

---

• **<u>Andininy 73</u>** : Ajoro ny Tahirim-pirenena ho an'ny Tahirin-drano izay ho entina hanomezana fahafampo ny filàna manokana famatsiam-bola ny fikajiana, ny fanetsiketsehana sy ny fiarovana ny hatsaran'ny tahirin-drano. Io tahirim-bola io dia afaka mandray ny hofa tsotra voalaza ao amin'ity lohateny ity sy mandray anjara amin'ny famatsiam-bola ny taozavatra fiarovana, fampandehanana sy fiarovana ny hatsaran'ny tahirin-drano.

---

Ny Fanjakana dia manana fahefana mametraka haba amin'ny fakàna rano mba ho fandraisana anjaran'ireo mpaka rano amin'ny fikajina sy fiarovana ny tahirin-drano. Ny saram-pisintomana rano dia apetraky ny ANDEA arakaraky ny habetsaky ny fatra sy ny fampiasana izany. Ity sarany ity dia arotsaka any amin'ny tahirim-bola antsoina hoe : « Tahirim-Pirenena hoan'ny Tahirin-dRano (dikan-teny FNRE)».



***<u>Sary 23</u> : Famatsiana rano fisotro madio, Kaominin'i Benenitra, Faritra Atsimo Andrefana***



***<u>Sary 24</u> : Paompin-drano amin'ny endriny "Kiosque à jeton", Kaominina ambanivohatra Lavanono, Distrikan'ny Tsihombe, Faritra Atsimo Andrefana***

# *Fizarana fahadimy* :
# *Ny amin'ny fanaraha-maso sy ny fikajiana ny rano*




***Sary 25*** ***: Fandrefesan'ny siantifika ny kalitaon'ny rano***

## 1. Ny fanaraha-maso ny hatsaran'ny rano

• **Andininy 58** : Ny fanaraha-maso ny hatsaran'ny rano dia ataon'ny fitondrana mahefa tsy tapaka. Ny mpitrandraka dia tsy maintsy manara-maso mandrakariva ny hatsaran'ny rano, amin'ny alalan'ny fitiliana tsy tapaka izay tsy maintsy atolony ny fitondrana mahefa ny vokatr'izany ary tsy maintsy mampandre azy ny fiovana rehetra misy eo amin'ny tokonam-petra voadidy na mety hisy fiantraikany amin'ny fahasalamam-bahoaka.



*Sary 26 : Fitiliana kalitaon-drano, Manakara, Faritra Fitovinany*

Mahakasika ny fanaraha-maso ny kalitaon'ny rano, ny Fanjakana dia mitaky amin'ireo tompon'andraikitra mpitantana ny rafitry ny rano (amin'ny ankapobeny indroa isan-taona satria ny fiovan'ny kalitaon'ny rano dia miankina amin'ny lafin-javatra maro (ara-batana, voajanahary, simika)) tatitra matetika mahakasika ny kalitaon'ny rano sy ny fiovaovany ary ny mety ho fiantraikany amin'ny fahasalaman'ny mponina.

• **Andininy 59** : Ankoatry ny fitiliana mivantana ny fahalotoana, ny fomba fanao atao hoe « fanarahamaso samy irery » dia ny fepetra notanterahin'ny mpitrandraka, na izay atao eo ambany fiandraiketany, nangatahan'ny fitondram-panjakana, sy araky ny fepetra izay nosoritana taminy. Ny fahafaha-manara-maso samy irery, atao eo ambany fiadidian'ny mpitrandraka, dia tokony ho fenoina sy lanina amin'ny alalan'ny fitiliana atao amin'ny finiavan'ny Manam-pahefam-pirenena momba ny Rano fisotro madio sy ny Fanadiovana na ny ANDEA.

## 2. Ny fikajiana ny rano

• **Andininy 61** : Ny mpikajy rano dia manam-pahefana sy/na antokon-draharaha hafa nomena fahefana hikajy ny tahirin-drano amin'ny hatsarany, habetsahany sy amin'ny lafiny ara-toekarena ho an'ny tombotsoan'ny besinimaro. Ny fahefan'ny mpikajy rano, voafaritra ao amin'ny paragrafy etsy aloha, dia mahafaoka noho izany ny fitantanana voalanjalanja ny tahirin-drano amin'ny lafiny rehetra sy ny fikajiana ny zava-manan'aina anaty rano sy anaty faritra mando.

Ireo hetsika rehetra momba ny fikajiana ny kalitao sy habetsahan'ny rano ho an'ny tombotsoan'ny rehetra dia andraikitry ny ny polisin-drano. Ny asan'ny polisin-drano dia tsy mbola natolotra ho an'ny sehatra manokana iray misahana izany, ka noho izany dia izay rehetra mikajy ny rano dia manatanteraka azy.
*Ohatra : ny ANDEA rehefa manao ny fitantanana mirindra ny tahirin-drano ; ireo Kaominina amin'ny maha mpitandro ny menabem-panjakana ny Rano azy ireo.*

## 3. Ny fifanolanana sy ady eo amin'ny fanjifana

• **Andininy 63** : Ny ady momba ny fifanoherana na fifanolanana hafa eo amin'ny fampiasana ny tahirin-drano dia tsy maintsy mandalo fanelanelanana alohan'ny hitondrana azy eny amin'ny fitsarana.



*Sary 27 : Fivoriana famahàna olana amin'ny fitantanana ny fotodrafitrasa AEP ,Kaominina Ambonivohitra Fandriana, Distrika Fandriana, Faritra Amoron'i Mania*

Ny fanelanelanana dia iandreketan'ny SOREA izay sokajiana ho sampan-draharaham-panjakana na (EPA) izay didian'ny lalam-panjakana andininy 47 amin'ny Lalàna laharana faha 98.029 ny 20 Janoary 1999 amin'ny lalàna mifehy ny rano fa misahana ny fandaminana ny fifanolanana amin'ny fampiasana ny rano sy ny fanadiovana.
Satria tsy mbola mipetraka ny SOREA dia ny Ministeran'ny Rano no miandraikitra ny fanelanelanana.

• **Andininy 64** : Raha misy tsy fahombiazan'ny fanelanelanana dia afaka hitsara ny adin'olon-tsotra ny sampan-pitsaram-pitondrana ao amin'ny toerana misy ny tahirin-drano fototry ny ady. Raha ohatra ka mikasika ny Fanjakana, na ny rantsa-mangaikany ny ady, ny sampam-pitsaram-pitondrana no hany mahefa.

# *<u>Fizarana fahenina</u>* :
# *Ny andraikitra sy ny anjara asan'ireo mpisehatra amin'ny famindram-pitantanana ny tolotr'asam-pajakana momba ny rano sy ny fanadiovana*



***<u>Sary 28</u> : Asa fandavahana rano fisotro madio, Kaomina Benenitra, Faritra Atsimo Andrefana***

## 1. Fepetra ahafahana mitompo ny tao-javatra

Ny tolotra ho an'ny daholobe eto Madagasikara dia tantanan'ny sehatra telo lehibe :
- Ny tolotra ho an'ny daholobe hiandraketan'ny kaominina
- Ny minisitera misahana ny rano fisotro (ny MEAH)
- Ireo mpitantana voatokana (Fikambanana, ONG, sns.).



*Sary 29 : Birao kaomina, Kaomina ambanivohitra Ambongo, Distrikan'i Vangaindrano, Faritra Atsimo-Antsinanana*

Ny kaominina no tompon'ny taozavatry ny tolotra momban'ny rano sy ny fanadiovana, fa raha mbola tsy nahazo alalana izy dia ny ministera misahana ny rano no manao io asa io. Mba ahazoana io alalana mitompo ny taozavatra io, ny kaominina dia tsy maintsy manana ireto fepetra dimy ireto :
- Manaja ny adidy aman'andraikitra rehetra mifehy ny rano sy ny fanadiovana ;
- Manana rafitra ara-teknika momban'ny rano, fanadiovana sy fidiovana [3] (STEAH) eo anivon'ny Kaominina ;
- Manana drafitra fampandrosoana ny kaominina momba ny rano, fanadiovana sy fidiovana (PCDEAH) miaraka amin'ny teti-bola efa voapetraka mialoha momba ny hetsika mifandraika amin'ny rano sy ny fanadiovana ;
- Manisa ny fananana sy trosa ao amin'ny faritry ny kaominina ;
- Mandoa ny trosa nandritra ny fitondram-panjakana (raha misy izany).

Ny kaominina dia mpandray anjara fototra sy mavitrika amin'ny famolavolana, fampiharana ary fanaraha-maso ireo tetikasa mifandraika amin'ny fahazoana rano fisotro sy fanadiovana ireo.

## 2. Andraikitry ny kaominina

Ny tompon'ny taozavatra dia ny miandraikitra ny :
- Fandaminana ny tolotra ho an'ny daholobe ;
- Fitandroana ny sehatra ho an'ny daholobe, satria fananana iombonana ny rano ;
- Fandefasana antso sy fandravonana ny fifanarahana famindram-pitantanana ;
- Fanaraha-maso ny fitantanana ny asam-panjakana, raha toa ka ankinina amina mpitantana tsy miankina ny serivisy dia manan-jo tanteraka ny kaominina hanara-maso sy hanome ny tolo-keviny ;
- Fananganana drafitra fampiasam-bola, fikarohana ary fametrahana famatsiam-bola, fampivoarana ny tsena, fanomezan-dàlana ny fandoavam-bola.
- Fankatoavana ny drafitra fampiasam-bola nomen'ny mpitantana ;
- Fitantanana ny volan'ny fifandraisana amin'ny fifanarahana fitantanana (Fiaraha-mitantan'ny Kaominina sy ny mpitantana) ;
- Fiantohana ny fifandanjana ara-bola mifandraika amin'ny fitombon'ny isan'ny mponina sy ny fanitsiana ny serivisy ;
- Ny fahazoan-dàlana dia avy amin'ny fangatahan'ny kaominina izy tenany ihany. Mba hahazoana izany dia misy ny fandalinana sy ny fanadihadiana eny ifotony izay ataon'ny fikambanana mpanelanelana.

## 3. Andraikitry ny MEAH

Ny andraikitry ny minisitera misahana ny rano fisotro dia mifantoka amin'ny :
- Fampandrosoana sy ny fampiharana ny Politika nasionaly momba ny rano, ny fanadiovana ary ny fidiovana ;
- Fandrindrana ny asan'ireo mpisehatra amin'ny tontolon'ny rano, ny fanadiovana ary ny fidiovana amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa ;
- Famaritana ny fenitra teknika sy ny fenitry ny rano fisotro novolavolain'ny MEF (hita ao amin'ny boky torolàlana) ;
- Fanatanterahana ny andraikitry ny mpanelanelana (mandra-pahombiazan'ny SOREA);
- Fanelanelanana amin'ny olana eo amin'ny fampiasana.




*Sary 30 : Sary famantarana ny MEAH*

3 Qu'est-ce qu'un STEAH ? http://www.interaide.org/watsan/mada/?p=619

## 4. Andraikitry ny mpitantana

Ireo mpitantana voatendry dia manana andraikitra amin'ny :
- Fanamboarana ;
- Fitantanana ;
- Fikojakojana ny fotodrafitrasa.



*Sary 31 : Fanamboarana foto-drafitr'asa amin'ny AEP, Kaominina ambanivohatra Ankaramalaza, Faritra Vatovavy Fitovinany*



*Sary 32 : "Kiosque d'eau", Kaominina ambanivohatra Anivorano Avaratra, District Antsiranana II, Faritra DIANA*



*Sary 33 : Fanarenana ny tobin-drano fitiliana ny rano JIRAMA, Faritany Antsiranana, Faritra DIANA*

Ireo mpitantana no tompon'andraikitra amin'ny fananganana, fitantanana ary fikojakojana ireo fotodrafitrasa.

Na izany aza, tokony hihevitra ireo mpitantana voatendry amin'ny :
- Fitantanana ny tolotra ho an'ny daholobe ;
- Fitsinjarana sy fivarotana rano (fantsona iraisana sy isam-batan'olona) ;
- Famatsian-drano fisotro tsy misy fahatapahana ;
- Fanaraha-maso sy fifehezana ny kalitaon'ny rano (indroa isan-taona) ;
- Tatitra famokarana ara-teknika sy ara-bola ary ara-potoana (indroa isan-taona) ho an'ny tanàna sy ny minisitera miahy ny rano ;
- Fandoavana ny hetra sy haba isan-karazany (amin'ny ambaratongan'ny monisipaly sy ny ANDEA);
- Famatsiam-bola ny fanitarana mifanaraka amin'ny fifanarahana misy ;
- Fampahalalana momba ny tolotra sy ny saram-pampiasana rano ;
- Fampahalalana amin'ny manampahefana raha misy fihatoana vonjy maika ny rano (ohatra: fanamboarana tambajotran-drano).



**Miaraka amin'ny fanohanan'ny** :

MINISTERE DE L'EAU, DE L'ASSAINISSEMENT ET DE L'HYGIENE

pS-Eau

FANAINGA